# Rehefa mampifanena sabatra ny mpino Islamo roa, dia samy any amin'ny Afobe avokoa na ny mpamono na ilay maty

Tatitra azo avy tamin'i Abou Bakri (R.A) niteny : izaho nandre an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : "Rehefa mampifanena sabatra ny mpino Islamo roa, dia samy any amin'ny Afobe avokoa na ny mpamono na ilay maty", Niteny aho hoe : Fa ahoana momba ilay novonoina? Namaly Izy manao hoe : "Satria izy niezaka mafy hamono ny rahalahiny".

[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Mampafantatra i Mpaminany (S.A.W) fa raha misy Islamo roa mampifanena ny sabany amin'ny alàlan'ny ady, ka samy mikasa izy roa ny handringana ny namany; dia ho any amin'ny Afobe ilay mpamono satria namono mivantana ny namany izy. Nanontany ireo mpiara-diany momba ilay novonoina ka nanao hoe : Ahoana no hidirany any amin'ny Afobe? Namaly i Mpaminany (S.A.W) hoe : Any amin'ny Afobe ihany koa Izy noho ny finiavany hamono ny namany, ary tsy nisy nahasakana azy tsy hamono afa-tsy ny fihazakazahan'ilay mpamono namono azy mialoha.

https://sunnah.global/hadeeth/mg/show/4304

النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee